


Zanaka sy Mpiara-mandova

Natsangana ho zanak'Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ao amin'ny Romana 8:15–17, i Paoly dia nanoratra ho an'ny Kristianina momba ny zavatra azon'izy ireo tamin'ny alalan'ny finoany an'i Kristy.

> "Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin'ny tahotra indray hianareo, fa nandray ny fanahin'ny [ny Fanahy Masina] zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe: Aba, Ray ô. Ny Fanahy dia miara-milaza amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika. Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an'Andriamanitra no mpiray lova amin'i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa."

Ny teny hoe Abba dia teny Aramianina na Hebreo mitovy amin'ny teny Anglisy hoe "Daddy". Araka izany, hitantsika eto ny fifandraisana akaiky amin'Andriamanitra Ray, izay antsointsika hoe Dada. Ny Fanahin'Andriamanitra mihitsy no manome antsika antoka sy fahatokiana hanao izany.

Ny Baiboly dia milaza amintsika fa zanak'Andriamanitra isika, fa ny Fanahin'Andriamanitra dia manamafy manokana izany fahamarinana izany amintsika tsirairay avy, ao am-pontsika. Zanak'Andriamanitra isika. Ary rehefa tonga zanaka isika, dia lasa mpandova. Lasa mpandova an'Andriamanitra sy mpiara-mandova amin'i Kristy isika. Mazava ho azy, fa misy fepetra iray ambara: raha vonona ny hizara ny Fijaliany isika. Raha mandray anjara amin'ny lova isika, dia miara-mijaly koa. Tsarovy, fa vokatry ny tsindry sy adin-tsaina ny vato soa.

Zava-dehibe ny mahatakatra ny dikan'ny hoe mpiara-mandova. Tsy midika akory izany hoe samy mahazo ampahany kely amin'ny fitambaran'ny lova isika. Midika kosa izany fa i Jesosy, amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra voalohany azy, no manana ny lova manontolo, ary miara-miombona amin'ny lova manontolo Aminy isika. Ny tsirairay amintsika dia manana zo hahazo ny lova manontolo, dia ny lova avy amin'i Jesosy. Ny lalàn'ny fanjakan'Andriamanitra

© 2008 - Dries Du Plessis

dia ny fizarana. Tsy samy maka ny anjarantsika avy isika, fa miara-miombona izay rehetra ananan'Andriamanitra Ray sy izay rehetra ananan'i Kristy Zanaka.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nifidy ahy ao amin'ny fitiavana lanao. Manambara aho fa zanak'Andriamanitra ary mpiara-mandova amin'i Kristy. Natsangana ho zanak'Andriamanitra aho, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-214-MLG
Nohavaozina farany: 16 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

